REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FAMINTINANAN NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-53

**FIFIDIANANA IREO FILOHA LEFITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alarobia 29 Oktobra 2025
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany : - RAKOTORAHALAHY Modeste
- MENAVOLO Alban

**FOTOANA:** Alarobia 29 Oktobra 2025, tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana ireo Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritany enina.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa misy ny fanapahana avy tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana laharana faha-01-HCC/AR tamin'ny 22 Oktobra 2025 "portant constatation de vacance de siège de député et remplacement dudit député décédé" izay milaza fa Andriamatoa RALIFOSY Laurent avy amin'ny lisitry ny "Firaisankina" indray no misolotoerana an'Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, nodimandry tamin'ny 26 Septambra 2025; Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betioky Atsimo.

Taorian'izay, niarahaba an'Andriamatoa Solombavambahoakan'i Betioky Atsimo, Andriamatoa Filoha ary nirary soa azy mba hahavita ny adidy apetraka aminy.
Rehefa vita ny fiantsoana anarana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana hotanterahina androany izay hifidianana ireo Filoha Lefitra mandrafitra ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ny tenany.

Talohan'izay anefa, nandraisana fanapahan-kevitra ny hirosoana amin'izany fandaharam-potoana izany na tsia.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, ny Solombavambahoaka rehetra no nanaiky ny hirosoana amin'izany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hatao anio Alarobia 29 Oktobra 2025, ny fifidianana ny mpikambana mandrafitra ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Nambarany koa fa hiato 15 minitra aloha ny fivoriana vao hatao ny fifidianana.

Niato tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, maraina ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, indray ny fivoriana.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-16, andalana faha-7 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hanatanterahana ny fifidianana; ka toy izao no fivakin'izany:
Ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra dia fidina amin'ny latsabato miafina manondro anaran'olon-tokana, misy fihodinana roa. Raha toa tsy azo ny antsasamanilan'ny vato manan-kery amin'ny fihodinana voalohany, ny ankamaroany dia ampy amin'ny fihodinana faharoa; eo amin'ny mpilatsaka hofidina roa izay nahazo vato be indrindra amin'ny fihodinana voalohany ary raha misy ny fitoviam-bato dia ny zokiny indrindra no voafidy

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka; voalohany nisy ny nanambara fa ny fifidianana ny Filoha Lefitra no tokony haroso mialoha izay vao atao ny an'ny Kestora miisa telo sy Mpampakateny Jeneraly ary ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra.
Faharoa, tao no nilaza fa hatao indray mandeha ny fifidianana ary miaraka tononina daholo ny anaran'ireo mpilatsaka hofidina mandrafitra ny Birao Maharitra rehetra.

Nanambara, Andriamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny momba izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka rehetra no nanaiky ny hirosoana amin'ny tolo-kevitra faharoa; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny tolo-kevitra faharoa no harahina.

Taorian'izay, natao ny fanolorana ireo kandidà isaky ny Faritany, ka Andriamatoa MENAVOLO Alban no nanatanteraka izany ary ireto avy izany:

- **Faritanin'Antananarivo**
- RANDRIAMAMPIANINA Rajerison Antoine, voafidy tao amin'ny Distrikan'Arivonimamo
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriantsivoafetra, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-V

**- Faritanin'Antsiranana**
- BEFOTOTO Angelin, voafidy tao amin'ny Distrikan'Andapa
- IBRAHIM Issa Charles, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsiranana I
- NASIRA Julien, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antalaha

**- Faritanin'i Fianarantsoa**
- MAHAVITARA Sylvestre, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vangaindrano
- ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambositra
- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Manandriana

**Faritanin'i Mahajanga**
- AFAKANDRO Christian, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahajanga I

**Faritanin'i Toamasina**
- RATSIRAKA Sophie Soamiadana, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vatomandry
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatondrazaka

**Faritanin'i Toliara**
- FIENENA Richard Désiré, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Manja
- TSARADIA Marco, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Ouest

**KESTORA VOALOHANY** :
- RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-IV
- ANDRIAMIHARIVOLAMENA Liva Zavamanitra, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fandriana

**KESTORA FAHAROA** :
- RAKOTOMALALA Miarintsoa (RAMIM'S), voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatolampy
- RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambohidratrimo

**KESTORA FAHATELO**
- ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Farafangana
- VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra, voafidy tao amin'ny Distrikan'Amparafaravola
- MAMIHAJA Charlot, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mananjary
- MANANTENA Hajanirina Dinah, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ifanadiana

**MPAMPAKATENY JENERALY**
- RAKOTOSON Hubert, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahanoro

**MPAMPAKATENY JENERALY LEFITRA**
- SAORY Christian, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Belo sur Tsiribihana
- RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine, voafidy tao amin'ny Distrikan'Atsimondrano

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fampielezan-kevitra ny mpivory, ka ny an'ny Filoha Lefitra no anombohana izany.

Nanao satroka ireto Solombavambahoaka manaraka ireto ka nomena fitenenana.
Andriamatoa RAMANANARIVO Handry Orlando ary nilaza fa kandidà tokana ny an'i Mahajanga ka tokony halefa mialoha ny fifidianana azy.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa nanontany raha azo atao miaraka ny fanolorana ny kandidà mitovy firehena mba tsy handany fotoana be loatra.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle indray nanambara fa araka ny teny nataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena dia mijoro ho Raimandrenin'ny Solombavambahoaka rehetra izy. Nambarany koa fa izay mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ho lany anio dia ho fitaratra ho an'ny Antenimierampirenena. Ankehitriny anefa misy Solombavambahoaka manala baraka ny namany any amin'ny haino aman-jery samihafa. Tokony hialana ny tahaka izany fa aleo mifanatona raha misy zavatra tsy mety ataon'ny hafa.
Notsindriany koa fa misy ny fahasamihafana amin'ny Solombavambahoaka kanefa iray ihany izy ireo ka tokony hanaja ny Andrimpanjakana misy azy ireo.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa ankasitrahana ny fahatokisana napetraky ny Solombavambahoaka aminy.
Nomarihany koa fa vonona ny hijoro hatrany amin'ny fiarovana ny Solombavambahoaka ny tenany ary ohatra amin'izany tamin'ny fisavana ny tranon-dRamatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera sy Andriamatoa ANDRIAMANANORO Augustin farany teo.
Tahak'izany koa, ny zava-niseho tany Antsalova mikasika ny fahaverezan'ny omby miisa 300. Nambarany fa hantsoina eto amin'ny Antenimierampirenena hanao tatitra momba izany ny Minisitra misahana ny fandriampahalemana telo mirahalahy amin'ny fotoana mahamety izany.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fampielezan-kevitra ny Solombavambahoaka, ka 5 minitra no atokana ho an'izany.

Nanao satroka Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel taorian'izay ary nanambara fa misintona ny filatsahan-kofidina amin'ny toeran'ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra
ny tenany.

Rehefa izany niroso tamin'ny fampielezan-kevitra ny mpilatsaka hofidina sy ny mpanolotra azy ireo.

Ho an'ny Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo:
Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMAMPIANINA Rajerison Antoine, nambarany fa lapan'ny demokrasia ato amin'ny Antenimierampirenena ka izay no nahatonga azy nilatsaka hofidina amin'izao toerana izao. Nomarihany koa fa anisan'ny nandray anjara tamin'ny tolona natao farany ny tenany. Eo anatrehan'izay, nitaona ny Solombavambahoaka izy mba hifidy azy satria vonona ny handray andraikitra.

Taorian'izay, tamin'ny satroka nataony no nanambaran'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa misintona ny filatsahan-kofidina amin'ny toeran'ny Kestora Fahatelo ny kandidà MANANTENA Hajanirina Dinah.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa no nanao ny fampielezan-kevitra ho an'ny kandidà avy amin'ny maroan'isa ato amin'ny Antenimierampirenena.
Nambarany fa vanim-potoana hafa no iainana amin'izao andro izao ka tokony hifanampy sy hifanohana amin'ny fampandrosoana ny firenena ny rehetra.
Nisaorany koa ny Solombavambahoaka tamin'ny fanambarana nataon'izy ireo amin'ny fanohanana ny fitondrana misy ankehitriny. Nangatahany izy ireo mba hitana ny teny nataony satria izay ny antoky ny fisian'ny fifampitokisana eo amin'ny tsirairay ary nampiany hoe tokony hahay mifandefitra ihany koa manoloana ny zavatra iainana amin'izao fotoana izao.

Nofaranany tamin'ny fitaonana ny Solombavambahoaka namana mba hifidy ny kandidà natolotry ny maroan'isa ny teniny.
Marihana fa tamin'ny fampielezan-kevitra nataony dia niroso teny anoloana avokoa ny kandidà natolotr'izy ireo.

Andriamatoa MONG Mann Bismark kosa nanambara fa manohana ny kandidà natolotry ny maroan'isa ihany koa ny tenany.

Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamanantena kosa nisintona ny filatsahan-kofidiny amin'ny toeran'ny Filoha Lefitra satria samy Solombavambahoaka avy any Ampanihy Ouest daholo izy sy Andriamatoa TSARADIA Marco. Noho izany, mitaona ny namana koa hifidy ity farany ny tenany.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly indray nanambara hoe aleo ajanona ny hambopo fa Andriamatoa AFAKANDRO Christian no hofidina.

Andriamatoa RAKOTOSON Hubert dia nilaza fa manolotra an'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle ho amin'ny toeran'ny Filoha Lefitra avy any Toamasina raha nandray fitenenana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fampielezan-kevitra indray ny avy amin'ny Faritanin'Antsiranana.

Raha nandray fitenenana, Andrimatoa BEFOTOTO Angelin, nambarany fa te-handray anjara amin'ny raharam-pirenena ny tenany. Tsapa fa sarotra ny fiainana amin'izao fotoana izao, misy fiantraikany amin'izany ny vidin'ny lavanila izay ambany tokoa. Raha miakatra ny vidin'izany, samy hahazo tombotsoa daholo ny vahoaka Malagasy. Nambarany koa fa efa 35 taona no nisehatra tamin'ny lavanila ny tenany ka mahafantatra tsara ny paikady hanatsarana ny vidin'izany.
Nambarany fa vonona ny hiantsoroka ny andraikitra amin'ny maha Filoha Lefitra ny tenany, ka mitaona ny namana hifidy azy.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis, kosa nanambara fa misintona ny filatsahan-kofidiny, raha nandray fitenenana.

Andriamatoa NASIRA Julien raha nomena fitenenana, nilaza fa noho ny fahafantarany fa sahirana ny vahoaka no nanosika azy hilatsaka. Nohamafisiny koa fa fantany izay hataony rehefa tonga amin'izany toerana izany ny tenany, ka izy no fidina mba hanohana sy hanampy ny fitondrana misy ankehitriny.

Rehefa izany, ny avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa indray no niroso tamin'ny fampielezan-kevitra.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MAHAVITARA Sylvestre, nambarany fa nanosika azy hilatsaka hofidina ny fitazonana ny marina ary izany no nidirany amponja. Mijoro amin'izany fotokevitra izany ny tenany ary hotohizany hatrany io fitanana ny marina io ato amin'ny Antenimierampirenena.
Nambarany fa fandresena izao miseho anio izao satria tsy nisy intsony ny "candidat unique" fahita hatramin'izay. Tokony hisy koa ny "équilibre régionale" sy ny "unité nationale" amin'izao fifidianana hatao izao ka nanentana ny namany ny tenany hifidy azy.

Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, kosa nanambara fa manana fahasahiana ny tenany amin'ny fandraisana andraikitra ka izay no antony nilatsahany amin'izao toerana izao. Nitaona ny rehetra hahay hiray hina sy hanana firaisam-po koa izy manoloana ny zavatra iainana amin'izao fotoana izao. Noho izany fahasahiana izany, nitaona ny Solombavambahoaka ny tenany mba hifidy azy.

Taorian'izay, Ramatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana no nanao ny fampielezan-kevitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina.
Nambarany fa samy nahalala ny zava-bitany fony izy nisahana ny Minisiteran'ny Asa Tànana ny rehetra, tahak'izany koa ny nataony tany Vatomandry. Nambarany fa ampanetren-tena no ilatsahany amin'izao toerana izao, ka manentana ny namana mba handatsabato ho azy.

Andriamatoa FIENENA Richard Désiré kosa no nanao fampielezan-kevitra ho an'ny Faritanin'i Toliara.
Nambarany fa tsy maintsy mijoro ny tenany satria maniry ho Filoha Lefitra. Nomarihany fa "mandat" fahatelo amin'izao fanaovan-dalàna izao no nahalany azy ho Solombavambahoaka. Efa inefatra koa no nitantanany Minisitera, ka anisan'izany ny Minisiteran'ny Toekarena, ny Minisiteran'ny Indostria; ka noho ny fananana izany traikefa izany no antony nilatsahany hofidina.

Rehefa izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fampielezan-kevitra ho an'ny Kestora Voalohany ka hatramin'ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra indray ny mpivory.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIAMIHARIVOLAMENA Liva Zavamanitra, nambarany fa fandresena lehibe ho an'ny firenena izao misy ankehitriny izao.
Notsindriany fa zavatra roa ihany no holazainy amin'ny filatsahany ho Kestora Voalohany.
Ny iray, mila ampiharina amin'izay ny fandalana ny vola tsara tantana. Ny antony, anisan'ny manana traikefa amin'ny fitantanam-bola ny tenany. Tao anatin'izay ny asa natao, toy ny tany amin'ny Banky Foibe, ny fiaraha-miasa tamin'ny Banky Iraisam-pirenena.
Ny faharoa, ny fampiharana ihany koa ny fitantanana tsy mitanila.
Koa manoloana izany, mitaona ny Solombavambahoaka mba hifidy azy ny tenany satria tsy hitanila izy rehefa lany eo.

Ho an'ny toeran'ny Kestora Faharoa, raha nandray fitenenana Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa (RAMIM'S), nambarany fa efa "consultant" tany amin'ny Banky Iraisam-pirenena koa ny tenany talohan'ny naha Solombavambahoaka azy ary nifanerasera tamin'ny olona maro noho izay traikefa izay.

Ny tanjona raha tonga amin'izany toerana izany dia hisy ny fananganana "groupe des jeunes parlementaires". Ao anatin'izay ny fanomezana « renforcement des capacités » ho an'ny Solombavambahoaka namana mba hanampy amin'ny fifaneraseran'ny samy olom-boafidy. Izany hoe, tanjona ihany koa ny hialana amin'ny fahantrana amin'ny alalan'izay serasera izay. Nitaona ny namany mba hifidy azy no namaranany ny teniny.

Ho an'ny toeran'ny Kestora Fahatelo kosa, raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Painchard, nambarany fa raha ny asa nataony, efa "inspecteur des impôts" ny tenany; manana ny mari-pahaizana amin'ny "science économique" ihany koa.

Anisany antony ilatsahany izany, kanefa noho ny voalazan'ny andininy faha-24-n'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia mila ampiharina ny "bonne gouvernance" sy ny "transparence" ato amin'ny lapa. Mbola anisany antom-pilatsahana koa ny hanatanteraka izany.
Nampiany fa vonona ny hitady vahaolana amin'izao zava-misy ankehitriny izao koa ny tenany.

Nambarany teo amparanana fa raha mahatsapa fangaraharana ny namana dia aleo mifidy azy ho amin'io toerana io.

Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra kosa nanambara fa telo mirahavavy ihany no nilatsaka hofidina ho mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Efa tao anatin'izany ny tenany teo aloha ary mbola vonona ny hanohy ny asa. Noho izany, mitaona ny Solombavambahoaka mba hifidy ny tenany.

Ho an'ny toeran'ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra kosa, Andriamatoa SAORY Christian dia nanambara fa kandidà mahaleotena izy ary notsindriany koa fa tsy tokony ho voavidy vola ny Solombavambahoaka; tsy tokony hisy ihany koa ny "bulletins pré-cochés" mba hampagarahara ny fifidianana.
Nanentana ny namany hifidy azy no teny nataony farany.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa vita ny fampielezan-kevitra ka hiroso amin'ny fifidianana amin'izay ny Solombavambahoaka.

Marihana fa tsy nisy fanomezan-dàlana ny Solombavambahoaka handatsabato ho an'izay tsy tonga nifidy.

Toy izao no fizotry ny fandatsaham-bato: miroso eny anoloana ny Solombavambahoaka, maka ny taratasin-datsabato, mankao amin'ny trano fisainana avy eo mandatsaka izany ao anaty vata mangarahara.

Talohan'izay, niangavy Solombavambahoaka vitsivitsy ny tenany hanao ny fanaraha-maso ny latsabato sy ny fanisam-bato, ka ireto avy izy ireo:
- BOTOTEFY Herimanatsoa Odilon
- RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
- RAFIDIMANANA Narson
- RAMANAJARASOA Clarisse Eugénie
- RAMANANARIVO Handry Orlando
- RAKOTOMALALA Biri Golbert
- RALAMBOZAFY Raoto Andrianarinarivo

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, tamin'ny fomba ofisialy ny vokatry ny fifidianana ireo Filoha Lefitra misahana ny Faritany enina, ka toy izao izany:

**- Filoha Lefitry ny Faritanin'Antananarivo:**
Isan'ny Solombavambahoaka nandatsabato: 133

- Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMAMPIANINA Rajerison: 34
- Vato azon'Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriatsivoafetra: 97

- Vato fotsy: 01
- Vato Maty: 01

**- Filoha Lefitry ny Faritanin'Antsiranana:**
Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa BEFOTO Angelin : 26
- Vato azon'Andriamatoa IBRAHIM Issa Charles : 102
- Vato azon'Andriamatoa NASIRA Julien : 03

- Vato fotsy: 00
- Vato maty: 02

**- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Fianarantsoa:**
Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa MAHAVITARA Sylvestre : 23
- Vato azon'Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges : 16
- Vato azon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa : 94

- Vato fotsy: 00
- Vato Maty: 00

**- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Mahajanga:**
Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa AFAKANDRO Christian : 125

- Vato fotsy: 07
- Vato Maty: 01

**- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toamasina:**
Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 133

- Vato azon-dRamatoa RATSIRAKA Sophie Soamiadana : 24
- Vato azon'Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle : 109

- Vato fotsy: 00
- Vato Maty: 00

**- Filoha Lefitry ny Faritanin'i Toliara:**
Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa FIENENA Richard Désiré : 26
- Vato azon'Andriamatoa TSARADIA Marco : 104

- Vato fotsy: 03
- Vato Maty: 00

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, tamin'ny fomba ofisialy, fa lany ho Filoha Lefitra eto amin'ny Antenimierampirenena ireto Solombavambahoka manaraka ireto ary niangaviany mba handroso eny anoloana.

Ireto avy izy ireo:
- **Faritanin'Antananarivo:** ny Solombavambahoaka RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriatsivoafetra
- **Faritanin'Antsiranana:** ny Solombavambahoaka IBRAHIM Issa Charles
- **Faritanin'i Fianarantsoa:** ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- **Faritanin'i Mahajanga:** ny Solombavambahoaka AFAKANDRO Christian
- **Faritanin'i Toamasina:** ny Solombavambahoaka RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- **Faritanin'i Toliara:** ny Solombavambahoaka TSARADIA Marco

Taorian'izay, niarahaba azy ireo ny tenany hahavita sy hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy miandry azy ireo tsirairay avy.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hanao ny fanisam-bato mikasika ny voka-pifidianana ho an'ny Kestora Voalohany ka hatramin'ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra indray ny mpivory.

Marihana fa natokana ny famintinana ny fitanana an-tsoratra momba izany na dia niaraka natao aza ny fifidianana.

Tamin'ny 4 ora, tolak'andro, niangavy ny Filoha Lefitra Zandry olona sy Zoky olona vao lany teo, Andriamatoa Filoha, mba hanampy azy eny amin'ny fitarihan-draharaha.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**